



DEMOKRASIA HAFAHAF

Nanamarika iny fifidianana teny anivon'ny kaominina farany teo iny, ny tsy fisiana lisitra kandidà ho Mpanolontsaina tamina fari-pifidianana niisa 8 sy ny hamaroan'ny kandidà tokana ho Ben'ny tanàna, fa indrindra ny fahavitsihan'ny olona nisitraka ny zony. Inona no hevitra fonosin'izany? Isika rehetra miara-tompon'andraikitra.

Ny tsapa aloha :

I. Nialohan'ny fampielezan-kevitra :

Araka ny andininy faha-2 ny Didim-panjakana laharana-faha- 2019-1541 dia fifidianana roa (2) no notanterahina ny 27 novambra 2019 dia ny fifidianana Ben'ny tanàna sy Mpanolontsaina. Mikasika ny fepetra firosahan-ko fidiana dia nanatombo nihoatra ny 100 % ka hatramin'ny 200 % ny “antobola” naloa raha oharina tamin'ny fifidianana ny taona 2015.

Niniana nodikaina ny lalàna mifehy ny fe-potoanan'ny fampielezan-kevitra.

II. Nandritra ny fampielezan-kevitra :

Nivoatra kokoa ny fampielezan-kevitra satria namoaka ny fandaharan'asany ny ankamaroan'ireo mpirotsa-ko fidiana ho Ben'ny tanàna. Nanakon-tena tanteraka kosa ireo mpirotsa-ko fidiana ho Mpanolontsaina manerana ny Nosy.

Na dia misy aza ny lalàna mifehy ny fifidianana, dia hita sy tsapa ombieny ombieny ireo tsy fanarahan-dalàna sy ny fandikana an-kitsirano ny lalàna fehizoro 2018-008 izay mifehy ny fifidianana ankapobeny sy ny fitsapakevi-bahoaka :

- ny andininy faha-56 sy ny faha-57, izay mandamina ny fampielezan-kevitra ;
- ny andininy faha-60 sy ny manaraka izany, izay mandrara ny fiandanian'ny Fitondram-panjakana sy ny fitanilan'ny Sampan-draharaham-panjakana ;
- ny andininy faha-61, izay mandrara ny fitokanana ofisialy ;
- ny andininy faha-94, izay mandrara ny faneriterena ny mpifidy, ary
- ny andininy faha- 104 sy 108 izay mametra ny fametahana peta-drindrina sy ny mifehy ny fandaminana izany.

III. Nandritra ny androm-pifidianana :

Teo anelanelan'ny tamin'ny 6 ora ka hatramin'ny 9 ora maraina no niandohan'ny fifidianana. Nalalaka ny fidiran'ireo Solotenan'ny kandidà teo anivon'ireo biraom-pifidianana.

Mbola nisy hatrany ireo orinasa vahiny izay nampiasa olompirenena Malagasy eto amin'ny tany Repoblikan'i Madagasikara no sahy nihantsy ny Fitondram-panjakana, izay efa nanamafy fa andro tsy fiasàna ary nandraisan-karama ny androm-pifidianana 27 novambra 2019, ka ninia nandika izany. Tsy nadraisana fepetra akory anefa ireny orinasa vahiny ireny.

Nilamina **loatra** iny fifidianana iny.

Na izany aza, dia maro ireo teboka nahitàna tsy fanjariana, izay voaporofon'ny KMF/CNOE–Fanabeazana Olompirenena, tamin'iny fifidianana iny, toy ny :

- tsy fahafehezan'ny CENI ny fanapariahana ny fitaovana ara-pifidianana ;



KMF/CNOE – Fanabeazana olompirenena/*Education des citoyens*

Lot IVG 204 Appartement 40 Immeuble SANTA Antanimena- (101) ANTANANARIVO

Tél. : +261 20 22 617 78 – +261 34 17 750 91 / e-mail : cnoe@moov.mg

- tsy fahafehezan'ny mpikamban'ny biraom-pifidianana ny andraikiny avy ;
- tsy fanajàna ireo fepetra ahafahana mandatsa-bato ;
- tsy fahaizan'ny Mpitondra mametraka ny tenany araka ny tandrifim-pahefany.

Mbola ambany hatrany ny taha-pahavitrihan'ny mpifidy.

IV. Taorian'ny androm-pifidianana :

Nitombo ny fahasahiana namaky batsilana (fitoriana teo @ Fitsaràna misahana ny ady amin'ny Fanjakana, fisehoana sy fijoroana vavolombelona @ tambazotra sosialy samihafa, fizarana sy fanaparahana vaovao...) nasehon'ny Olompirenena, momba ireo tsy fanarahan-dalàna.

Nandritra ny fizohiana ny voka-pifidianana teny anivon'ireo SRMV niisa 114 no nahatsikaritana ireo tsy fahatomombanana tamin'ireo antotan-taratasy tonga sy noraisina tao.

Arak'izany rehetra izany, dia :

- voatohitohina ny zon'ny mpifidy ;
- mialangalana sy mampiseho fandàvana goavana ny Olompirenena mikasika ny raharaham-pitondrana sy ny raharaham-pirenena ;
- tsy matoky ny rafi-pitantanana loatra intsony ny Olompirenena ka mahatonga azy hihemotra amin'ny fandraisana andraikitra manoloana ny raharaham-pirenena.

V. Tolo-kevitra :

Maro ireo tolo-kevitra efa naroson'ny KMF/CNOE–Fanabeazana Olompirenena nandritra ireo fifidianana nisesy. Hamafisina hatrany izy ireny, fa ho an'iny fifidianana teny anivon'ny kaominina iny, dia ireto no azo asongadina :

- hatsarao ny fitantanana ny fiainam-pirenena ry Mpitondra isan'ambaratongany, mba haharesy lahatra ny vahoaka, ka hiverenan'ny fifampitokisana eo aminareo Mpitondra sy ny entina ;
- aseho ry Mpanao politika fa azon'ny vahoaka ianteherana ianareo ;
- hajao ny lalàna, na dia ho an'ny zon'ny mpifidy fotsiny aza, mba tsy hilazàna ny zon'olombelona mihitsy ;
- ampiharo ny lalàna misy (oh.: ny andininy faha-216 ny lalàna Fehizoro 2018-008 mifehy ny fifidianana ankapobeny sy ny fitsapan-kevi-bahoaka **mikasika ny fanasaziana ireo rehetra nandika lalàna**) ;
- fehezo ny fikirakiràna sy ny fitantanana ny fifidianana ary ny fiainam-pirenena.

VI. Fehiny :

Fanamby lehibe ho antsika rehetra ny famerenana ny olompirenena ho tompon'andraikitra amin'ny fiainam-pirenena.

Tsy ho tratrantsika izany raha tsy **ISIKA** olompirenena Mpitondra Fanjakana, olompirenena Mpanao politika, olompirenena Mpikirakira sy Mpitantana fifidianana, olompirenena Mpanao gazety ary olompirenena misehatra eo amin'ny fiaraha-monim-pirenena, no mametraka ny tombotsoa iombonana ho ambony lavitra nohon'ny tombotsoa manokana.

Antananarivo, faha-13 desambra 2019

Ny Biraon'ny Nasionaly- KMF/CNOE –Fanabeazana Olompirenena